Gadra Fanantenana

Tononkalo

Fa mihaino ny malahelo Jehovah, ary ny mpifatotra tsy mba hamavoiny. Salamo 69:33

Aoka ho tonga eo anatrehanao ny fisentoan'ny mpifatotra; araka ny halehiben'ny herinao dia arovy izay voatendry ho faty; Salamo 79:11

Hosoratana ho an'ny taranaka ho avy izany; ary ny firenena izay hoforonina dia hidera an'i Jehovah. Fa efa nitsinjo avy tany amin'ny fitoerany masina Izy; avy tany an-danitra Jehovah no nitsinjo ny tany, mba hihaino ny fisentoan'ny mpifatotra sy hanafaka izay voatendry ho faty; Salamo 102:18-20

Avoahy hiala amin'ny tranomaizina ny fanahiko, mba hiderako ny anaranao; aoka ny marina hanodidina ahy, satria manisy soa ahy Hianao. Salamo 142:7

Sambatra izay manana an'Andriamanitr'i Jakoba ho Mpanampy azy sady manantena an'i Jehovah Andriamaniny, Izay nanao ny lanitra sy ny tany, ny ranomasina sy izay rehetra ao aminy, Izay mitandrina ny fahamarinana mandrakizay, Izay manome rariny ho an'ny ampahorina, Izay manome hanina ho an'ny noana. Jehovah manafaka ny mpifatotra: Salamo 146:5-7

MPAMINANY

Izao no lazain'i Jehovah Andriamanitra, Izay nahary ny lanitra sy nanenjana azy, Izay namelatra ny tany sy izay avy aminy, Izay manome fofonaina ho an'ny firenena eo aminy sy fanahy ho an'izay mandeha eo aminy: Izaho Jehovah no efa niantso Anao tamin'ny fahamarinana sy nitantana ny tananao ary hiaro Anao ka hanome Anao ho fanekena ho an'ny olona, ho fanazavana ny jentilisa, hampahiratra ny mason'ny jamba, hamoaka ny mpifatotra hiala ao an-trano-maizina ary izay mipetraka ao amin'ny maizina hiala ao an-trano-maizina. Isaia 42:5-7

Ny Fanahin'i Jehovah Tompo no ato amiko, satria Jehovah efa nanosotra Ahy hitory teny soa mahafaly amin'ny mpandefitra; efa naniraka Ahy hanasitrana ny torotoro fo Izy, ary hitory fanafahana amin'ny babo sy hamoaka ny ao an-tranomaizina ho amin'ny mazava, Isaia 61:1

Ary ny aminao koa, noho ny ran'ny fanekenao no efa namoahako ny mpifatotrao avy tao an-davaka tsy misy rano. Miverena ho amin'ny fiarovana mafy, ianareo mpifatotra manana fanantenana! Anio no hanambarako fa hamaly anao indroa Aho. Zakaria 9:11-12

filazantsara

Dia hilaza amin'izay eo amin'ny ankavanany ny Mpanjaka hoe: Avia ianareo izay notahin'ny Raiko, mandovà ny fanjakana izay voaomana ho anareo hatramin'ny nanorenana izao tontolo izao; fa noana Aho, dia nomenareo hanina; nangetaheta Aho, dia nampisotroinareo; nivahiny Aho, dia nampiantranoinareo; tsy nitafy Aho, dia notafianareo; narary Aho, dia notsaboinareo; tao an-tranomaizina Aho, dia novangianareo. Dia hamaly Azy ny marina ka hanao hoe: Tompoko, oviana no hitanay noana Hianao ka nomenay hanina? na nangetaheta ka nampisotroinay? oviana no hitanay nivahiny Hianao ka nampiantranoinay? na tsy nitafy ka notafianay? na oviana no hitanay narary

Hianao, na tao an-tranomaizina ka novangianay? Dia hamaly ny Mpanjaka ka hanao aminy hoe: Lazaiko aminareo marina tokoa: Araka izay efa nataonareo tamin'ny anankiray amin'ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko. Matio 25:34-40

Dia hoy Izy taminy: Hisy firenena hitsangana hamely firenena, ary hisy fanjakana hitsangana hamely fanjakana. Ary hisy horohoron-tany lehibe ary mosary sy areti-mandringana any amin'ny tany samy hafa, ary hisy zavatra mahatahotra sy famantarana lehibe avy any an-danitra. Fa raha tsy mbola tonga izany rehetra izany, dia hisambotra anareo ny olona ka hanenjika anareo ary hanolotra anareo ao amin'ny synagoga sy ao an-tranomaizina, ka ho entina eo anatrehan'ny mpanjaka sy ny mpanapaka noho ny anarako. Ary ho tonga ho vavolombelona aminareo izany. Lioka 21:10-13

Asan'ny Apostoly

Dia nitsangana ny mpisoronabe mbamin'izay rehetra teo aminy (izay antokon'ny Sadoseo), fa feno fahatezerana izy, dia nisambotra ny Apostoly ka nanao azy tao an-tranomaizina. Fa ny anjelin'ny Tompo nony alina dia nanokatra ny varavaran'ny tranomaizina, dia nitondra azy nivoaka ka nanao hoe: Mandehana, ka mitsangàna, ary mitoria amin'ny vahoaka eo an-kianjan'ny tempoly ny teny rehetra momba izany fiainana izany. Asan'ny Apostoly 5:17-20

Koa dia notanana tao an-tranomaizina Petera; ary ny fiangonana dia nivavaka mafy tamin'Andriamanitra ho azy. Ary raha efa hamoaka azy Heroda, tamin'iny alina iny dia natory teo anelanelan'ny miaramila roa lahy Petera, sady voafatotra tamin'ny gadra roa; ary nisy mpiambina teo am-baravarana niambina ny tranomaizina. Ary, indro, nisy anjelin'ny Tompo tonga teo aminy, sady nisy mazava namirapiratra tao an-tranomaizina; dia namely ny ilany Petera izy ka namoha azy ka nanao hoe: Mitsangàna faingana. Dia niala tamin'ny tànany ny gadra. Fa izy nanofahofa tanana azy mba hangina, dia nanambara taminy ny fomba namoahan'ny Tompo azy avy tao an-tranomaizina. Ary hoy izy: Mandehana, ambarao amin'i Jakoba sy ny rahalahy izany zavatra izany. Dia lasa izy ka nankany amin'ny fitoerana hafa. Asan'ny Apostoly 12:5-7,17

Ary rehefa nokapohiny imbetsaka izy roa lahy, dia nataony tao an-tranomaizina, sady nasainy niambina azy tsara ny mpiambina ny tranomaizina. Ary rehefa nahazo izany teny izany izy, dia nataony tao an-tranomaizina anatiny indrindra izy roa lahy, ary nofatorany mafy ny tongony tamin'ny boloky hazo. Ary nony mamatonalina, dia nivavaka sy nihira fiderana an'Andriamanitra Paoly sy Silasy; ary ren'ny mpifatotra izy. Ary tampoka teo dia nisy horohoron-tany mafy, ka nihozongozona ny fanorenan'ny tranomaizina; dia nisokatra niaraka tamin'izay ny varavarana rehetra, ary nivaha ny fatoran'izy rehetra. Dia nahatsiaro ny mpiambina ny tranomaizina, ary nahita ny varavaran'ny tranomaizina nisokatra, dia nanatsoaka ny sabany izy ka saiky namono tena, satria nataony fa efa nandositra ny mpifatotra. Fa Paoly niantso tamin'ny feo mahery ka nanao hoe: Aza manisy ratsy ny tenanao, fa eto avokoa izahay rehetra. Dia niantso jiro izy, dia niditra sady nangovitra ka niankohoka teo anatrehan'i Paoly sy Silasy. Ary nitondra azy nivoaka izy ka nanao hoe: Tompoko, inona no tokony hataoko mba hovonjena aho? Dia hoy izy roa lahy: Minoa an'i Jesosy Kristy Tompo, dia hovonjena ianao sy ny ankohonanao. Dia nitory ny tenin'ny Tompo taminy sy tamin'izay rehetra tao an-tranony izy roa lahy. Ary nandray azy roa lahy izy tamin'izany ora izany tamin'ny alina izany ka nanasa ny dian-kapoka; ary natao batisa tamin'izay izy mbamin'izay azy rehetra. Ary rehefa nentiny niakatra ho ao an-tranony izy roa lahy, dia norosoany hanina teo anoloany sady nifaly indrindra izy mbamin'izay rehetra tao an-tranony, satria efa nino an'Andriamanitra. Asan'ny Apostoly 16:23-34

Ireo taratasy nosoratana ao

Mpanompon'i Kristy va izy ireo? (miteny toy ny adala aho) mihoatra noho izy aho: amin'ny fisasarana manan-tombo, amin'ny kapoka mihoatra noho izay tokony ho izy, amin'ny tranomaizina matetika kokoa, amin'ny fahafatesana matetika. 2 Korintiana 11:23

Koa amin'izany izaho, mpifatotra noho ny amin'ny Tompo, dia mangataka aminareo mba handeha mendrika ny fiantsoana izay niantsoana anareo ianareo, amin'ny fanetren-tena rehetra sy ny fahalemem-panahy, amin'ny fahari-po, mifandefitra amin'ny fitiavana, mazotoa mitana ny firaisan'ny Fanahy amin'ny fehim-pihavanana. Efesiana 4:1-3

Koa aza menatra ny ho vavolombelon'ny Tompontsika, na ahy mpifatony ianao; fa aoka ianao ho mpiombona ny fahoriana noho ny filazantsara araka ny herin'Andriamanitra, Izay namonjy antsika sy niantso antsika tamin'ny fiantsoana masina, tsy araka ny asantsika, fa araka ny fikasany sy ny fahasoavany izay nomena antsika tao amin'i Kristy Jesosy hatry ny fony mbola tsy nisy izao tontolo izao, fa naseho ankehitriny tamin'ny nisehoan'i Jesosy Kristy, Mpamonjy antsika, Izay nahafoana ny fahafatesana, ka nampiseho mazava ny fiainana sy ny tsy fahafatesana tamin'ny filazantsara, ary ho amin'izany no nanendrena ahy ho mpitory sy Apostoly ary mpampianatra ny jentilisa. 2 Timoty 1:8-11

Paoly, mpifatotra an'i Kristy Jesosy, ary Timoty rahalahy, mamangy an'i Filemona, malalanay sady mpiara-miasa aminay, nefa noho ny fitiavana dia miangavy aminao aho, satria izaho Paoly, izay efa antitra sady mpifatotra an'i Kristy Jesosy koa ankehitriny. Filemona 1:1,9

Aza matahotra izay efa hiaretanao; indro, ny devoly efa hanao ny sasany aminareo ao an-tranomaizina, mba ho voazaha toetra ianareo, ary hanam-pahoriana hafoloana ianareo; aoka ho mahatoky hatramin'ny fahafatesana ianao, dia homeko anao ny satro-boninahitra fiainana. Apokalypsy 2:10